## Ampy izay 3
### Tsy ao amin-dRajoelina intsony ny soatoavina Malagasy

## Kolikoly ara-pifidianana 6
### Efa nandany 3,2 miliara Ar mahery Rajoelina...


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 2 novambra 2023 Laharana 1490 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Fifidianana amin'ny 16 novambra 3
### Miha-maro hatrany ny mandà ny fanatanterahana azy

## Hetsiky ny vondron'ny kandidà 2
# Sabotsy mifankahita eo amin'ny kianjan'ny 13 mey



## Ny Valosoa sy Fakafaka 2
# Ataon'ny HCC ho fanjakan'i Baroa i Madagasikara



## Rina Randriamasinoro 2
# Nihemotra amin'ny 28 novambra ny fotoam-pitsarana



## Distrikan'Ankazobe 2
# Miombompo amin'ny vondron'ny kandidà 10 koa




## Fetin'ny Olomasina... 6
### Tsara ny tsenan'ny voninkazo omaly 1 novambra

## Velombolo ny tantsaha 7
### Nanonga avo 2 heny ny vidin'ny jirofo, olana anefa ny fanondranana

## Daka kely



Hisy filoha Vazaha Gasy higadra any Londres ato ho ato ry Boaikely a !

HETSIKY NY VONDRON'NY KANDIDÀ

## Sabotsy mifankahita eo amin'ny kianjan'ny 13 mey

Araka ny efa voalaza teny Antsonjombe ny sabotsy lasa teo, ny sabotsy 4 novambra ho avy izao, no hiditra ho eo amin'ny Kianjan'ny 13 mey eo Analakely ary hamarana ny tolona ny vondron'ny kandidà. Sabotsy mifankahita izany eo amin'ny Kianjan'ny 13 mey araka ny fanirian'ny rehetra, mba hisian'ny fifidianana madio, mangaraharaha tsy mitanila eto amin'ny firenena, ary ny hanoloana ny HCC sy ny CENI ary ny governemanta izay tena miandany amina kandidà tokana dia i Andry Rajoelina. Efa mametraka ny paikady rehetra ho amin'izany ny mpitarika ny hetsika, ka heverina fa hirohotra eny amin' ny amin'ny Kianjan'ny 13 mey ny rehetra, ireo efa nanatanteraka ny tolona hatramin'izay, ny olon-tsotra, ny mpanao politika, ny fikambanana, ny fiarahamonim-pirenena, ny sendikan'ny mpiasa, na ny miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, ny mpianatra,… Tsy misy mahatohitra ny tanjaky ny vahoaka izany, ka heverina fa hifarana amin'io fotoana io tokoa ny tolona, satria tena efa potika ny firenena nandritra izay 5 taona nitondrandRajoelina sy ny forongony izay.



*Ny vondron'ny kandidà sy ireo mpanara-dia azy marobe, ny alatsinainy teo, tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

Momba ireo vondron'ny kandidà ihany, diabe am-pilaminana teny Ampasampito, Ankadindramamy, Mahazo, Ambohimahitsy, no nanohizan'izy ireo ny tolona ny alatsinainy teo. Marobe hatrany ireo mpanara-dia. Omaly sy ny talata teo kosa, nanohy ny fihaonana tamin'ny sokajin'olona samy hafa ny vondron'ny kandidà ho amin'ny famaranana ny tolona efa voalaza teo. Ny talata teo izy ireo, no nihaona tamin'ny filohan'ny Antenimierampirenena Razanamahasoa Christine teny Tsimbazaza, tsy nisy nipika ny resaka nandritra izany, fantatra kosa fa vonona hitarika amin'ny dinika hikatsaham-bahaolana ny Antenimierampirenena. Nambaran'ny filohan'ny Antenimierampirenena Razanamahasoa Christine, fa efa manomana ny fanelanelanana ny parlemantera taorian'ny fihaonany tamin'ny vondron'ny kandida. Tsy matahotra ny fanesorana azy eo amin'ny toerana maha filohan'ny Antenimierampirenena azy ihany koa ny tenany. Ny marina sy ny mangarahara no hampanjakaina hoy izy ary mandalina ny demokrasia ny eo anivon'ny Antenimierampirenena.

**Niaina**

Distrikan'Ankazobe

## Miombompo amin'ny vondron'ny kandidà 10 koa

Toy ny distrika rehetra eto Madagasikara dia miombompo amin'ireo vondron' ny kandida miisa 10 Ankazobe faritra Analamanga. Nisy ny hetsika nataon' izy ireo ny alatsinainy teo tao Ankazobe, izay notarihan'ny solontenan'ny kandidà any an-toerana , ny depiote teo aloha Pasitera Mamitiana Ravelonanosy, no nitondra tenin'izy ireo tamin'izany. Nambaran' izy ireo fa :

- Miombona tanteraka amin'ny tolona ataon'ny vondron'ny kandida, izay miady ho amin'ny fahamarinana sy ny zavatra mitanila eto amin'ny tany sy ny firenena.
-Miady ho amin'ny fandravàna ny HCC, satria ny zavatra avoakany dia mitanila any amin'ny kandidà tokana sady vazaha, Andry Rajoelina.
-Miaraka miombona amin' ny vondron'ny kandida, hanaisotra ny CENI, ka rafitra tsy mitanila no mitantana ny fifidianana, mba hisian'ny filaminana eto amin'ny tany sy ny firenena.
-Miaraka mitolona amin' ny vondron'ny kandidà Ankazobe, satria ny fahamarinana no apetraka ho any amin'ny fifidianana tsy mitanila. Ho an'Ankazobe manokana, manjaka tanteraka ny tsy fandriampahalemana, izay efa tsy ho zaka toy ny asan-dahalo, fakana ankeriny, sns… Ankoatra izay, maro ny fitarainana azo mikasika ny tsy fahatomombanan'ny lisitry ny mpifidy any amin'ireo kaominina mandraifitra ny distrika. Ohatra amin'izany ao amin'ny fokontany iray , 800 no nameno taratasy fisoratana anarana nefa dia 400 no voasoratra. Midika tsy fahatomombanana izany hoy ny fanambaràna. Namafisina tamin'izany, fa Vonona tanteraka amin'ny tolona atao miaraka amin'ny vondron'ny kandida ny distrikan'Ankazobe ary mivonona ihany koa amin' ny toromarika avy any amin'izy ireo .




*Ny solontenan'ireo vondron'ny kandidà any Ankazobe.*

**Helisoa**

Rina Randriamasinoro

## Nihemotra amin'ny 28 novambra ny fotoam-pitsarana



*Rina Randriamasinoro, nipetraka teo amin'ilay vato nisamborana azy, teo Andohan'Analakely.*

Niakatra fitsarana ny talata lasa teo ny raharaha Rina Randriamasinoro, sekretera jeneralin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), nosamborina tsy amin'antony, nandritra ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà voalohany tamin' ny 2 oktobra lasa teo, teo Andohan'Analakely. Voatazona nandritra ny 10 andro teny amin'ny zandary teny Fiadanana izy, tao aorian'ny nisamborana azy, ary rehefa niakatra Fampanoavana avy eo dia arahi-maso ara-pitsara mandra-pahatongan' ny fotoam-pitsarana, izay natao ny talata teo, nefa nahemotra amin'ny 28 novambra ho avy izao, araka ny nambaran'ny mpisolovava azy, Me Eloi Ratefimahefamijoro. Aradalàna izay fanemorana izay hoy izy, satria mbola misy ireo zavatra manjavozavo momba ity raharaha ity, tsy nilaza kosa izy ny antony anenjehana ity sekretera jeneralin'ny antoko TIM ity ara-pitsarana izao.

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Ataon'ny HCC ho fanjakan'i Baroa i Madagasikara

Nampidirin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) ho amin'ny Fanjakan'i Baroa ny zavamisy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Niseho indrindra izany tamin'ny fotoana nanekeny sy namoahany didy, fa ny jeneraly Ravalomanana no filohan'ny Antenimerandoholona sy indrindra hitàna ny andraikitra hisahana vonjimaika ny toeran'ny filoham-pirenena. Notendreny ny hisahana izany aloha ny governemantan'i Ntsay Christian, dia izao indray ity senatera tampotampoka farany ity. Tena fitondrana ny firenena hankany amin'ny fikorontanana amin'ny fitantanam-pirenena no nataony amin'izao fotoana izao. Tena nohitsakitsahan'ny HCC tsotra izao ny Lalampanorenana, izay izy no tokony voalohany hiaro sy hitandro izany toy ny anakandriamaso. Mazava ny fihetsik'ilay mpikambana iray teo anivony, izay sahy nijoro nitàna ny fahamarinana, fa tsy araka ny Lalampanorenana ny fanapahan-kevitra noraisiny teo. Eny na dia olona iray aza no sahy nijoro tsy nanao Sonia teo anivony dia efa midika zavatra be izay aloha, ary maneho amin'ny vahoaka Malagasy, fa mivily lalana ity HCC-n'i Florent Rakotoarisoa ankehitriny ity amin'izao fotoana izao. Anisany voalohany mitondra ny firenena tanteraka, mankany amin'ny tany tsy tan-dalàna ny HCC amin'izao fotoana izao, ary tsy hita soritra mihitsy ny fahavononany na ny finiavany hiàla amin'izany, fa vao mainka alentiny lalindalina kokoa hatrany.

Dia mitombina mazava tsara ny hevitry ny kandidà 10 mitarika ny hetsika fotsy, fa tsy azo itokisana intsony io andrim-panjakana HCC io. Tsy vitan'ny efa miandany mirona mankany amin'ny fampandaniana an'i Andry Rajoelina fotsiny, fa tena manapotika ny hasin'ny HCC sy indrindra ny firenena manontolo mihitsy ny ataony amin'izao fotoana izao. Haratsiana na fomba ratsy atao eto amin'ny firenena izany. Tsy atao hahagaga raha nampitomboina sy natao zandary ny mpiambina azy, fa ny manao ratsy ihany no mahina, hoy ny fitenenena. Raha manao ny marina sy tsara eto amin'ity firenena ity tsy mamanamaro mpiambina izany, tsy iadian-kevitra izany satria ny vahoaka tsy adala akory, fa mainka arovany aza ny olo-marina.

**Sôh'son**

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Fanja R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Ampy izay

# Tsy ao amin-dRajoelina intsony ny soatoavina Malagasy

Samy mizotra amin'ny làlana heveriny fa hahatongavana any amin'ny tanjona tiany hahatongavana, ny mpifanandrina roa tonta amin'ny fifidianana ho filoham-pirenena. Andaniny ny kandidà vazaha Andry Nirina Rajoelina mikiribiby ary manohy ny fampielezan-kevitra, ka mampiasa olona sy fitaovana ary fandemen-tsaina amin'ny alàlan'ny fizarana akanjo sy vola ary fandrahonana ny mpiasam-bahoaka tsy maintsy manatrika ny famoriam-bahoaka ataony. An-kilany kosa ny Hetsika Fotsy tarihan'ny vondron'ny kandidà 10 mitaky ny fandravana ireo rafitra rehetra misahana ny fifidianana (Hcc sy Ceni), sy ny fanovàna ny fitsipika mifehy ny fifidianana (code électoral) ary ny fanesorana an-daharana an'i Andry Nirina Rajoelina tsy ho kandidà amin'ny maha vazaha azy. Eo koa ny fanalana ny governemanta izay governemanta mitanila ihany koa. Tsiahivina anefa fa neken'ny Hcc ny antontan-taratasy firotsahan'i Andry Nirina Rajoelina, satria hono nisy ny taratasy manamarina ny maha malagasy (certificat de nationalité) azy, kanefa nahafantatra ny fisian'ny Didim-panjakana nanome ny zom-pirenena frantsay (décret de naturalisation) azy. Tsy voalohany ity fanitsakitsahana ny lalàna nataon'ny Hcc ity, satria niaraha-nahalala ihany koa ny vaovao momba ny fandavany ny fitakian'ny kandidà Raobelina Andry hanemorana ny datim-pifidianana, noho ny tsy fahafahany miverina eto Madagasikara noho ny ratra eo amin'ny masony, vokatry ny tifitra nataotan'ny zanadary. Ny tena zavadoza manoloana ity raharaha ity dia ny tsy fananan'i Andry Nirina Rajoelina ao aminy intsony ny soatoavina malagasy, satria samy malagasy na izy na Raobelina Andry ary misy ny Fahendrena malagasy manao hoe: « tànan-kavia sy havanana ka izay didimahararary » satria frantsay izy ary nanome ny baiko tamin'izany. Ny zava-misy ihany koa dia tsy azo lavina fa manao izay ho afany ny zanaka amam-para amin'ny filazana, fa ny fifidianana ihany no vahaolana tsy hisian'ny korontana, satria ireo rafitra ireo ihany no nisy tamin'ny fifidianana 2013 sy 2018 dia tsy nisy ny olana. Toa tsy niaina sy jamba ireto lokom-boasary ireto tamin'ireo vanimpotoana ireo, satria nandefitra ny kandidà Ravalomanana Marc tamin'ny fihodinana faharoa, ka nanaiky ny voka-pifidianana na dia efa aman-jatony aza ny fitoriana tao amin'ny Hcc ary naporofo ny naha kitoatoa iny fifidianana iny ny « doublons » niisa roa hetsy sy iray tapitrisa novakian'ny filoha lefitry ny Ceni bantsilana tamin'izany. Tsapa araka izany, fa tahotra ny an'ny zanaka amamparan'i Andry Nirina Rajoelina, satria ho very remby sady ho takian'izay mahazo ny fahefana haverina ny halatra ny harem-pirenena nahodinkodina nataon'izy ireo teto. Tsy mbola afaka milaza ny rehetra fa tena namadika ny tolon'ny Hetsika Fotsy tokoa ny kandidà Randrianasoloniaiko Siteny raha nandray fanapahankevitra, fa hanao fampielezan-kevitra, satria mbola nanamafy izy fa ao anatin'ny tolona tanteraka raha tsy roahin'ny Vondron'ny kandidà angaha. Ny manahirana kely anefa dia toa izy irery amin'ireo kandidà folo, araka ny filazany, no manana vina matotra momba ny fitsinjaram-pahefana, satria ny an'ny hafa dia fitsinjaram-pahefana ara-toekarena na ara-tsosialy dia izay. Tsapa tokoa fa tsy nahafantatra ny Fandaharanasam-pirenena momba ny Fitsinjarampahefana sy Fanapariaham-pahefana (Programme National de Décentralisation et de Déconcentration) noketrehan'ny fitondrana Ravalomanana Marc ny kandidà Siteny. Departemanta minisiterialy fito iankaninan'ny fampandrosoana no nangalana « consultant » isanisany. Nampirimina tany any anaty vatasarihana ity programan'asa ity rehefa nisy ny fanonganam-panjakana ny taona 2009. Azo inoana fa raha tafaverina eo amin'ny fitondrana ny filoha Ravalomanana Marc dia ho anisan'ny vinany indray ny "PN2D Plus". Raha ny fampielezan-kevitra ataon'i Andry Nirina Rajoelina tany Toliara dia hita, fa mihorohoro izy na dia mirehaka aza fa tiam-bahoaka sy mahavory vahoaka kanefa fantatra fa tonga ny olona fa nahazo akanjo sy vola ary hijery lanonana maimaimpoana. Ny rehetra anefa dia tsy misy manaiky vazaha, indrindra ny nanjanaka ity Firenena ity, no mbola hiverina hanandevo ny Malagasy indray. Azo anaporofoina izany ny fitomboan'ny Malagasy, tena Malagasy, saropiaro amin'ny fiandrianam-pirenena sy tsy manaiky handevozin'ny vazaha intsony, manatevin-daharana ny hetsiky ny Vondron'ny Kandidà 11. Tsy azo ekena intsony ny mbola hiverenan'ny mpamitaka ny Malagasy sy Mpanjanaka eo amin'ny fitondrana indray, "AMPY IZAY".

***Andry Tsiavalona***

**Famaranana ny tolona**

# Fotoana famoahana ny paik'adim-pitolomana rehetra izao

F'angaha tsy maintsy eo amin'ny kianjan'ny 13 Mey vao mahaongana fanjakana ? Fisainana raikitampisaka efa nandritry ny taona maro ny hoe ny fankanesana eo amin'izany toerana izany, no ivon'ny hetsika fanoherana amin'ny tsy fanekena ny fitantanam-pirenena. Amin'ny lafiny iray dia tena marina tokoa izany, fa ny hetsika tonga eo no tendron'ny haavo lentan'ny maripana amin'ny hetsi-bahoaka ary mitarika mankany amin'ny fionganan'ny fitondrana. Nanaporofo izany ireo zava-nitranga teo tao anaty taona maro, izay nanomboka ny 13 Mey 1972. Ny fanongananam-panjakana nataondRajoelina sy ny forongony no nanao izany ny taona 2009, ary nofaranan'ny depiote 73 izany ny taona 2018. Tao anatin'izany mandrakariva i Andry Rajoelina, ka izay no maha mahina azy miaraka amin'ireo mpiara-dia sy mpisolelaka aminy amin'izao fotoana izao. Satria atahoran'izy ireo mafy hiverina aminy ihany ny nataony.



*Ny kianjan'ny 13 mey, etsy Analakely.*

Mila miakatra eo amin'ny kianjan'ny 13 Mey tokoa ny hetsika fotsy tarihan'ny vondron'ny kandidà 10 miaraka amin'ireo solombavambahoaka marobe amin'izao fotoana izao. Notsinontsinoavin'ireo manohitra azy ireo, ny TGV sy ny Upar sy ny forongony izany hetsika izany, kanefa mikendry sy mikatsaka izay hahasoa ny firenena. Tsy maintsy atao izay hahatratrarana io tanjona io, mba ho afatsiny amin'ireo zoky raiamandreny tia tanindrazana nahafoy ny rà sy ny ainy hanafahana an'i Madagasikara eo ambany ziogan'ny fanjanahantany frantsay. Ampaherezina araka izany ny vahoaka malagasy manerana ny Nosy mitolona ankehitriny, miaraka amin'ny kandidà 10 hanafaka ny firenena tsy ho voazanaka vaovao indray sy ho voafatotr'ireo mpamadika sy mpivarotra tanindrazana. Ankoatra ny Kianjan'ny 13 Mey dia tokony hisy ihany koa kianja hafa, hahafahana manao hetsika mahery vaika tsy ho zakan'ny mpiaro fahefana mitanila ary tsy ara-dalàna mihazona ny fanjakana tsy tan-dalàna. Afaka hahita izany tsara ireo mpitarika ireo, ary fantatra tsara fa tsy maintsy misy fetra ny vola araviravindRajoelina sy ny mpanohana azy, anaovana ireo zandary sy miaramila ho fitaovana miaraka amin' ireo misalotra ny akanjo volom-boasary hisakana mandrakariva izany. Mila avoaka tanteraka amin' izay ny tetik'ady rehetra fa tena fotoanany izao, mba hamaranana azy haingana ho tonga amin'ny tanjona. Eo rahateo ny hetsika efa mahazo vahana any amin'ny faritra rehetra manerana ny Nosy. Afaka ahita izany tsara ireo mpitarika satria olona manana ny maha izy azy avokoa izy rehetra ireo na traikefa na fahendrena, izay tsy ananan' ireo mpisakana fositry ny firenena ireo. Tohanan' Andriamanitra rahateo, izay mikatsaka ny fahamarinana eto amin'ity firenena ity ary tsy maintsy resy ny asan'ny maizina sy ny forongony, satria masina ny tanindrazana.

***Sôh'son***

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Fifidianana amin'ny 16 novambra Miha-maro hatrany ny mandà ny fanatanterahana azy



**Adl Rah :** maro ny mandà ny fifidianana hatao amin'ny 16 novambra ho avy izao io. Izaho, ianao, isika rehetra mandà io fifidianana amin' ny 16/11/2023 io.

**Roger Rakoto :** tonga dia efa mitondra banderoles hoe: FIFIDIANANA AMIN'NY TAONA 2024 OK... TSY MAINTSY AHEMOTRA NY FIFIDIANANA.

**Donne Randrianasolo :** fantaro aloha ilay baikon'Andriamanitra, izay efa nomeny ireo Filoha efatra mirahalahy izay efa nitondra an'i Madagascar.

**Georges Patrick :** tsy mitondra ho any @ fitoniana io fifidianana io.

**Roger Rakoto :** hividy an' iza ianareo i RAINILAINGA?

**Mirana Razafimahery :** tsy hisy io e!

**Juco Jaohavy :** anao ihany fa malalaka ny safidy, fa za kosa handeha hifidy.

**Marcel Rakotondrabe:** mila mifampidinika aloha amin'ny hanovana ny HCC, ny CENI, ny governemanta koa, izay samy rafitra mitanila avokoa, izay vao hirosoana ny fifidianana. Noho izany, sarotra na tsy mety mihitsy ny hanaovana io fifidianana io amin'ny 16 novambra ho avy izao. Ny kandidà iray tsy afaka manao fampielezan-kevitra mihitsy, odian' ny HCC fanina izany dia i Andry Raobelina, izay mbola marary mitsabo tena. Ny vondron'ny kandidà koa tsy manaiky ny hanaovana io fifidianana io. Ny vahoaka amin'ny ankapobeny, tsy miraika loatra amin'ny fifidianana hatreto, satria mitanila avokoa ireo rafitra rehetra misy, ka mila fifanatonana sy fifampidinihana: toy ny convention tamin'ny 31 octobre 1991 ohatra, satria raha ny fijerin'ny mpandinika politika sy ny raharaham-pirenena azy, mitovitovy na tsy sahala tanteraka aza, ny zava-misy tamin'izany fotoana izany no misy ankehitriny.

**Clarisse Razanamanana:** raha hatao amboletra, kandidà 2 na 3 io fotsiny no mandray anjara, nefa ny kandidà maro an'isa tsy mandray anjara dia tsy hisy hankato ny vokatra eo, na ny vahoaka maro an'isa, na ny iraisam-pirenena, ka tsy maintsy hiteraka korontana io. Noho izany, tokony hifampidinika aloha hisorohana izany rehetra izany, ka hahemotra ny fifidianana. Tokony hiditra an-tsehatra koa ny foloalindahy ho mpanelanelana, fa efa tsy izy intsony ny zava-misy izao.

**TONONKALO**

## VAOVAO TSY NAHATAITRA

Tena tsisy taitra intsony ireo vahoaka efa mifoha
Raha nahare f' i baomba indray no notendrena ho filoha,
Satria tsy zava-baovao fa efa ela no nomanina,
Saingy izao vao io tontosa ilay karazana planina !

Drafitra efa maty paika nefa dia mirefarefa
Ny amin'ny fomba nanilihana ny loholona Mahefa.
Nambaniana , noharatsiana f'efa hoe « marary saina »,
Saingy hatreto « ao tsara » sady mbola velon'aina !

Tsisy mahataitra koa ny ataon'ireo mpitsara avo
Izay toa efa tena zatra ny manao « loham-boatavo » !
Hita ny fiandaniany , efa fantatra ny lokony,
Hany ka tsy mahagaga raha mitohy ny petatokony !

...Dia inoana fa hiseho sy mbola hitohy ny asa maloto,
Indrindra indrindra ny herisetra na ny ataо hoe lohamboto.
Ny antony dia tsotra ihany : ireo voatendry sy nakarina
Dia mazava fa tsy ny olona tia manandratra ny marina !

***IRINA HO TAFITA (28-10-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Diabe am-pilaminan'ny vondron'ny kandidà teny Ampasampito, Ankadindramamy, Mahazo, tao amin'ny Boriboritany faha-5 Antananarivo Renivohitra, ny alatsinainy lasa teo.**






**Fihaonan'ny vondron'ireo kandidà, na ny solontenany, tamin'ny filohan'ny Antenimierampirenena teny Tsimbazaza, ny talata teo.**






## NY TENY FIAINANA

*"Ary ny teniko sy ny tori-teniko dia tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona, fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery."*
***I Korintiana 2:4***

TONTOSA IHANY TAMIN'NY ALAHADY TEO

# Basikety tompondakan'i Madagasikara 2023, U14 zazalahy

Tontosa ihany tetsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina, nialohan'ireo lalao famaranana sokajy N1A lahy sy vavy, rehefa nahitana tsy fitovian-kevitra tamin'ny volana volana jolay 2023, ka tsy vita niaraka tamin'ny famaranana sokajy zazavavy, ny lalao famaranana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 sokajy U14 zazalahy. Norombahan'ny ekipan'ny ASSM Analamanga ny amboara rehefa nandresy 48 – 43 ny ekipa U14 an'ny Jcba Analamanga ihany. Marihana fa hoan'ny fifaninanana sokajy zazavavy U14 dia nivoaka ho tompondaka 2023 ny ekipan'ny Lucadro Analamanga, izay nandresy ny ekipan'ny Academics SAC Analamanga ihany tamin'ny isa 34 noho 24 tamin'io volana jolay io. Marihana fa tao anatin'ny fanatanterahana an'ireo lalao famaranana niisa 3 ireo tamin'io alahady 29 oktobra 2023 io dia nisy indray ny fampitaovana ny LRBBA " ligim-paritry ny basikety Atsinanana " nataon'ny FMBB "Federation Malagasy de Basket-Ball", ho mariky ny ny famahoahana sy fampandrosoana ny taranja basikety Malagasy, ka ny filohan'ny FMBB, Ramaroson Jean Michel, izy tenany mihitsy no nanolotra an'izany tetsy Mahamasina. Tsy ho ela ihany koa dia hisy ligy hafa hisitraka ny anjarany indray, fa eo am-pandaminana an'izany ny eo anivon'ny FMBB.



*Ny ekipan'ny ASSM Analamanga tompondaka U14 zazalahy 2023.*

***Rainilita***

Tompondaka nasionaly basikety N1A,2023

# Nahery ny MB2All vehivavy sy Gnbc lehilahy

Ny MB2All N1A vehivavy sy Gnbc N1A lehilahy, no nahery teo amin'ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara amin'io sokajy io, izay nifarana tamin'ny alahady teo, tetsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina. Izy ireo araka izany no tompondakan'i Madagasikara 2023, ka nibata ny Amboara sy ny medaly volamena ary ny taratasimbola 3.000.000 Ar tsirairay avy. Ireo rehetra nahazo amboara Sokajy N1A vehivavy : -« MVP Dame »: JAOFERA MINAOHARISOA Christiane N°7 MB2ALL Analamanga, -« 4ème PLACE Dames » : JEA Vakinankaratra, -« 3ème PLACE Dames » : TGBC Betsiboka, -« Vice-Championne » : GNBC Analamanga (2.000.000 ar), -« Championne » : MB2ALL Analamanga (3.000.000 ar). -« Score finale » : Mb2All Analamanga 60 – 54 Gnbc Analamanga. Sokajy N1A lehilahy : -« MVP Hommes » : RANDRIAMANDIMBY ELLY N°1 GNBC Analamanga, -« Meilleur Marqueur Hommes » : RANDRIAMANDIMBY ELLY N°1 GNBC Analamanga avec 197 Points - « 4ème PLACE Hommes » : TGBC Betsiboka, -« 3ème PLACE Hommes » : COSPN Analamanga, -« Vice-Champion» : ASCUT Atsinanana (2.000.000 ar), -« Champion » : GNBC Analamanga (3.000.000 ar). -« Score finale » : GNBC Analamanga 89 – 71 Ascut Atsinanana.




*Ny GNBC tompondaka N1A lehilahy 2023.*

***Rainilita***

Rugby tompondaka eran-tany 2023

# Norombahan'ny Springboks Afrika Atsimo indray


*Ny Springboks Afrika Atsimo 2023.*

Voatananan'ny Springboks Afrika Atsimo ny anaram-boninahitra maha-tompondaka erantany azy, eo amin'ny taranja rugby à XV. Lavony tamin'ny moka fohy 12 – 11 tao amin'ny kianja "Stade de France" tamin' ny sabotsy 28 oktobra 2023 teo ny All Blacks Nouvelle-Zélande, izay nanao famaranana taminy. Ny Springboks izany no nahazo faninefany an'ity amboara lehibe ity hatreto arahin'ny All Blacks. Nitana ny laharana faha-3 kosa tamin'ity fifaninanana ity ny ekipan'ny XV de La Rose Anglisy, izay nandresy ny ekipam-pirenena Argentine tamin'ny isa 26 – 23 teo amin'ny lalao fiadian-toerana notanterahina tamin'ny zoma 27 oktobra teo.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy anandrano ritra** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny fary



Ny soa azo avy amin'ny fary indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manasitrana aretina maro ary tena haingampiasa tokoa ny fary. Makà loham-pary matsatso miaraka amin'ilay raviny mbola maitso kely iny, sy ilay vodifary miaraka amin'ny fakany ambany iny 250 g fotsiny no alaina dia kapakapao ary hafangaroy tsara, ataovy anaty vilany sady asio rano 4 litatra.
Avelao hangotraka mandritry ny 30 min eo ho eo. Rehefa vita izay dia avelao hangatsiaka dia tatavano , ka ataovy izay hisotroana 1 litatra isanandro , mandritra ny 3 andro. Marihina fa ny fary fotsy no ampiasaina , satria izy no manan-karena gliosida betsaka kokoa.
IRETO AVY NY ARETINA SITRANY : diabeta sokajy rehetra.
Homamidan'ny nono , vavony , prostaty , voa , calcul rehetra.
Mampatanjaka sady mampiakatra ny hery fiarovana.
Misoroka ny fitohanana sady miady amin'ny aretinify, indrindra ny olimanara.
Azo hanina amin'izao koa ny fary ary mahasalama ny fisotroana iny ranony iny, tsara ho an'ny olona bevohoka ihany koa, fa mampadio zaza rehefa teraka.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ampasimadinika distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ampasimadinika distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampasimadinika ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Lalovan'ny lalampirenena faharoa ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny voankazo toy ny letchi, ny letchi-tsinoa, ny manga, ny ampalibe, ny soanambo.



**FIANGONANA JESOSY MAMONJY ETO MADAGASIKARA**

# Tontosa ny fifidianana ny mpikambana ao amin'ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina

Ny mpitandrina Randriatsitohaina Honoré, no filoha lefitra mitantana ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina eo anivon'ny foibe Jesosy Mamonjy eto Madagasikara ary ny Mpitandrina Nomenjanahary Toky, no voafidy ho Sekretera Jeneraly, ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina. Io no ampahan'ny voka-pifidianana biraon'ny firaisan'ny mpitandrina nataon'ireo mpitandrina Jesosy Mamonjy miisa 455 manerana ny Nosy, izay notanterahina tetsy amin'ny foibe fiangonana Jesosy Mamonjy Ankorondrano ny sabotsy teo. Nanazava Andriamatoa Maurice mpandrindra nasionaly ny foibe Jesosy Mamonjy, fa nozaraina fiantsoana hifidy na handray anjara amin'ny fifidianana avokoa ireo mpitandrina eo anivon'ny fiangonana miisa 700 mahery manerana ny Nosy ary mpitandrina miisa 600 mahery no tonga nisoratra anarana ary mpitandrina miisa 455 no tonga nifidy. Nanohy fanazavana Andriamatoa Maurice, fa marin-toerana ny biraon' ny filankevi-pitantanana foibe Jesosy Mamonjy, satria antsasaky ny mpitandrina dia manohana ny antson'ny birao foibe avokoa nandritra ity fifidianana ity. Nanambara ny Mpitandrina Nomenjanahary Toky, izay Sekretera jeneraly biraon'ny firaisan'ny mpitandrina fa ny tanjon'ny birao vaovao dia hitarika ny fiangonana Jesosy Mamonjy mankany amin'ny filaminana ; ny fanakambanana ny fianakaviamben'ny fiangonana Jesosy Mamonjy ; ny fanavaozana ny fitsipika anatiny mifehy ny fiangonana miaraka amin' ny mpahay lalàna, mba tsy hiverimberina ny olana mitranga eo anivon'ny fiangonana ; ny fametrahana fandaharan'asa ho an'ireo sokajim-panompoana maro samihafa ; ny fanatanterahana an'ireo ezaka fitoriana ny filazantsara manerana ny Nosy. Nanamafy ny mpitandrina Nomenjanahary Toky, fa ny fametrahana ny fitsipika fifampifehezana (Codis) eo anivon'ny fiangonana, sy ny fizarana ny karatra matihanina ho an'ny mpitandrina Jesosy Mamonjy, no fanavaozana entin'ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina mandritra ny fotoam-piasana. Manao antso avo ny mpitandrina Randrianatoandro Raymond filohan'ny filankevi-pitantanana foibe Jesosy Mamonjy, fa mbola mandray an-tanana an'ireo sokajin'olona mikomy amin'ny rafi-pitantanana Jesosy Mamonjy ny tompon'andraikitra ary vonona hifampiresaka, sy hiara- hiasa entina hampandrosoana ny sahan'ny fiangonana.



*Ny foiben'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy etsy Ankorondrano.*

***Franck Razakambelo***

Kolikoly ara-pifidianana

# Efa nandany 3,2 miliara Ar mahery Rajoelina tamin'ny propagandy

Kolikoly ara-pifidianana, efa nandany 3,2 miliara Ar mahery ny kandidà Andry Rajoelina hatreto tamin'ny fampielezan-kevitra ataony, araka ny tombana nataon'ny Transparency International Initiative Madagasikara, namoaka ny vokatry ny fanadihadiana nataony ny talata teo. Nanao tombana, mikasika ny fandaniana nataon'ireo kandidà manao fampielezan-kevitra, sy hetsika politika ny Transparency International Initiative Madagascar : fandaniana fototra, tsy misy ny karaman'ny artista mpihira na mpanentana, niainga tamin'ny : hofana angindimby sy fiaramanidina. Akanjo, elo, kasikety, fehitenda, koveta... Hofana fiarakodia, hofana fanamafisampeo sy haingon-tsehatra. Doka amin'ny haino aman-jery: tomban'ny vola lanin'ny kandidà : Andry Rajoelina araka ny voalaza teo efa nandany 3.200.609.220 Ar. Daniela Raderanirina: 28.043.036 Ar. Siteny Randrianasoloniaiko: 2.898.765.600 Ar. Vondron'ireo Kandidà 10 : 1.133.800.000 Ar. Raha hatao euro ireo vola efa lanin'izy ireo araka ny tombana: Andry Rajoelina: 665.946 euros; Raderanirina: 5834 euros; Siteny: 603.142 euros; hetsiky ny vondron'ny kandidà: 235.700 euros.



*Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny Trasparency International Madagasikara.*

***Isambilo***

Fetin'ny Olomasina sy fetin'ny maty

# Tsara ny tsenan'ny voninkazo omaly 1 novambra

Nomarihana omaly 1 novambra ny fetin'ny Olomasina, amin'ny maha andro tsy niasana nefa nandraisan-karama io an-dro io, maro ireo nanatitra voninkazo tany amin'ny fasampianakaviana, misy ireo havana efa nodimandry, ka ho fahatsiarovana azy ireo dia nomarihana tamin'ny alalan' ny fanaterana voninkazo sy mety ho fanadiovana ihany koa ny fasany sy ny manodidina azy. Anio 2 novambra anefa no tena fetin'ny maty. Ny amin'ny faritra sasany eto amintsika, indrindra ny any amin'ny faritra Atsinanana iny, anio izy ireo no tena mahatsiaro ireo havana efa lasa any ankoatra izay, amin'ny fanaterana voninkazo ary laroin'ny fisotroana betsabetsa ho an'ireo misotro izany. Havan-drazana no ilazan' izy ireo izany fanamarihana izany. Ho an'ny teto an-drenivohitra, nandeha ny tsenan'ny voninkazo omaly teny Anosy, teny Analakely, sy tamin'ny toerana nisian'ny mpivarotra izany,… voninkazo natoraly. Amin'ny fotoana toy izao koa anefa, misy ireo mampiasa ireo voninkazo artifisialy. Omaly, vao nangirandratsy dia efa nitanjozotra nanatitra voninkazo teny amin'ny tsenan'ny voninkazo, toy ny teny Anosy ireo andiana bisikilety avy any Masindray sy Ankadinandriana sy ny manodidina iny. Fa ho an'ny kristiana katolika, ny fetin'ny Olomasina dia ahatsiarovana ireo Olomasina rehetra, nisy noho izany ny lamesa, ho fanamarihana iza-ny tamin'ny fiangonana katolika rehetra, tsy teto amintsika ihany, fa maneran-tany.

***Stefa***

Volleyball fiadiana ny amboaran'i Madagasikara

# Niditra tamin'ny andro faha-4 ny talata teo

Niditra tamin'ny andro faha-4 ny talata teo, ny fifaninanana volley-ball fiadiana ny amboaran'i Ma- dagasikara sokajy U23, 2023; izay tontosaina ao amin'ny kianja mitafo « Complexe Sportif Ampisikina Mahajanga » nanomboka tamin'ny sabotsy 28 oktobra teo. Marihana fa ekipa sokajy zatovolahy miisa 12 sy ekipa sokajy zatovovavy miisa 09, avy amin'ny Faritra samihafa, no mandray anjara amin' ity fifaninanana ity. Voka-dalao andro voalohany sabotsy 28 oktobra 2023 : Sokajy lehilahy POULE A - MVBC Analamanga nandresy seta 3 noho 0 ny AKAT'S, ASI nandavo seta 3noho 0 ny EVRA, GBVF nandresy 3 no 0 ny EB-VGA . POULE B - GNVB nandresy seta 3 noho 0 ny EVBI, ASSM lavon'ny MV-BC BOENY seta 3 noho 0. Voka-dalao andro faharoa : sokajy zatovolahy- MVBC ANALAMANGA - VS GSVBC seta 2 -3, ASI - AKAT'S seta 3 – 0, CVBF – EVBI seta 3 – 0, GNVB - MVBC BOENY seta 3 – 0, SSM - EVBGA seta 0 – 3.



*Volleyball U23 Malagasy.*

***Rainilita***

Championnat national scolaire football 2023

# Ny talata teo no andro faha-7 mialohan'ny dingana famaranana

Ny talata 31 oktobra 2023 teo, no andro faha-7 mialohan'ny dingana famaranana (ankatoka sy famaranana), izay ho tontosaina anio alakamisy 02 novambra, eo amin'ny fifaninanana baolina kitra "Championnat national scolaire football 2023 » sokajy U15 zazalahy sy zazavavy, karakarain'ny MEN « Minitère de l'Education Nationale», sy ny MJS « Ministère de la Jeunesse et des Sports » mitambatra, ka andraisana sekoly samihafa avy amin'ny DREN 8 isa : Alaotra Mangoro, Amoron'i Mania, Atsinanana, Atsimo Andrefana, Betsiboka, Boeny, Fitovinany ary Itasy anjara, etsy amin'ny kianja «Annexe Mahamasina », sy any amin'ny kianja roa any Ankadivoribe. Marihana fa tafiditra ao anatin'ny tetikasan'ny CAF : « African Schools Championship » ity fifaninanana ity, ka tamin'ny sabotsy 28 oktobra teo no nanombohany teto Antananarivo, tsy hifarana raha tsy anio alakamisy 2 novambra 2023. Fandaharan-dalao sokajy zazalahy, tamin'ny talata tetsy Mahamasina : 09h00-Ceg Benoît Bevava # Collège St Joseph, 10h00-Ceg Fandriana ~Jolis Citadin, 11h00-Ceg Mahabibo # Ceg Référence, 12h00- Ceg Augagneur # Ceg Ampahimanga. Teny Bevalala terrain 1 : 09h00-Collège Référence # Ceg Amparafaravola, 10h00-Collège Privé Garcia # Good Wins, 11h00-Epp Belinta # Ceg St Augustin, 12h00-Ceg Augagneur # Ceg Abdon Andriamirado. Fandaharan-dalao sokajy zazavavy, ny talata tany Bevalala terrain 2 : 09h00-Collège Référence # Ceg Morarano, 10h00-Ceg Fandriana # Bel Avenir, 11h00-Ceg Animalandy # Ceg Référence, 12h00-Ceg Mangarano # Ceg Ampahimanga. Marihina fa ireo izay voafantina mandritra an'ity fifaninanana ity, no handrafitra ny ekipam-pirenen'ny baolina kitra U15 zazalahy sy U15 zazavavy, hisolo tena an'i Madagasikara amin'ny « phase zonale « ny « African Schools Championship ». Voka-dalao andro voalohany 28/10/2023 tany Ankadivoribe Terrain 2 : Ceg Mangarano 0 – 2 Ceg Fandriana, Geg Morarano 0(4) – (2) 0 Ceg Référence, Ceg Antanimalandy 2 – 0 Collège Référence, Bel Avenir 0 – 1 Ceg Ampahimanga, Ceg Mangarano 1 – 0 Collège Référence. Voka-dalao andro voalohany 28/10/2023 tany Ankadivoribe Terrain 1 : Ceg Augagneur 5 – 0 Collège Privé Garcia, Geg Amparafaravola 2 (5) – (4) 2 Ceg St Augustin, Epp Belinta 1 – 0 Collège Référence, Good'Wins 0 – 2 Ceg Abdon Andriamirado, Ceg Augagneur 3 – 0 Collège Référence, Collège Privé Garcia 1 (4) – (5) 1 Epp Belinta, Ceg Abdon Andriamirado 0 – 3 Ceg Amparafaravola, Good'Wins 0 – 5 Ceg St Augustin. Voka-dalao andro voalohany 28/10/2023 tetsy amin'ny kianja Annexe Mahamasina : Ceg Augagneur 1 (3) – (2) 1 Ceg Fandriana, Collège St Joseph 0 – 4 Ceg Référence, Geg Mahabo 2 – 1 Ceg Benoît Bevava, Jolis Citadin 1 – 0 Ceg Ampahimanga, Ceg Augagneur 1 – 5 Ceg Benoît Bevava,, Ceg Fandriana 0 – 3 Ceg Mahabo, Ceg Ampahimanga 4 - 1 Collège St Joseph, Jolis Citadin 0 – 2 Geg Référence. Voka-dalao andro faharoa 29 /10/2023 tetsy amin'ny kianja Annexe Mahamasina : Ceg Fandriana 0 – 2 Ceg Beznoît Bevava, Geg Augagneur 1 (3) – (2) 1 Ceg Mahabibo, Ceg Ampahimanga 3 - 2 Ceg Référence, Jolis Citadin 3 – 0 Collège St Joseph, Ceg Fandriana 1 – 2 Ceg Référence. Voka-dalao andro faharoa 29 /10/2023 tany Ankadivoribe Terrain 1 : Collège Privé Garcia 1 - 5 Collège Référence, Geg Ceg Augagneur 3 – 0 Epp Belinta, Ceg Abdon Andriamirado 0 – 3 Ceg St Augustin, Good'Wins 1 (4) – (5) 1 3 Ceg Amparafaravola, Ceg Augagneur 2 – 1 Ceg St Augustin, Collège Privé Garcia 1 (5) – (3) 1 Ceg Abdon Andriamirado, Epp Belinta 1 - 0 – Good'Wins. Voka-dalao andro faharoa 29 /10/2023 tany Ankadivoribe Terrain 2 : Ceg Fandriana 1 – 0 Gollège Référence, Ceg Mangarano 0 – 2 Ceg Antanimalandy, Geg Ampahimanga 1 – 0 Ceg Référence, Bel Avenir 4 – 0 Ceg Morarano, Ceg Fandriana 0 – 1 Ceg Morarano, Ceg Mangarano 0 – 1 Ceg Référence, Collège Référence 0 - 1 Ceg ampahimanga, Ceg Antanimalandy 0 (4) – (2) 0 Bel Avenir.

***Rainilita***



*Championnat national scolaire de football 2023 teny Ankadivoribe.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 28/10/2023 hatramin'ny 04/11/2023**

- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04 / 020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00 /032 12 610 00 / 033 28 693 88 / 034 25 610 00
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 032 58 111 74/ 034 19 341 82 / 034 64 460 99
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 032 93 486 33/033 47 545 58/034 07 545 58
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 033 02 207 53

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1490-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**VELOMBOLO NY TANTSAHA**

# Nanonga avo 2 heny ny vidin'ny jirofo, olana anefa ny fanondranana

Velombolo amin'izao fotoana ny tantsaha mpamboly jirofo any amin'ny faritra Analanjirofo sy Atsinanana ary ny toerana sasany any Vatovavy sy Fitovinany iny, fa nanonga avo roa heny ny vidin'ny jirofo amin'izao fotoana.

Nisonga avo roa heny noho ny tamin'ny teo aloha ny vidiny, raha tany amin'ny 10000 Ar ny vidin'ny iray kg tamin'ny jirofo teny amin'ny mpamboly teo aloha, raha vao nanomboka ny taom-piotazana, dia tafakatra maherin'ny 20000Ar izany tamin'ity taona ity. Ho an'ny any amin'ny distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana iny aza, tafakatra hatramin'ny 24000 Ar izay vidin'ny jirofo 1 kg izay.

Ho an'Analanjirofo manokana dia nisokatra ny 25 Septambra 2023 ny taompiotazana vihin-jirofo (clou de girofle). Afaka roa volana aorian'io, ny 25 Novambra 2023 kosa no manomboka ny fiotazana ny lagrifa (griffe de girofle).



*Jirofo, anisan'ny vokatra fanondrana any ivelany mampalaza an'i Madagasikara.*

Manodidina ny 40 000 taonina isan-taona ny vokatra jirofo malagasy aondrana any ivelany.

Tojo fahasahirana ny sehapiharina jirofo any Indonezia izay mpamokatra jirofo betsaka indrindra erantany ankehitriny, ka tombony ho an'i Madagasikara izany toe-javatra izany. Olana amin'ny fanondranana anefa ankehitriny, anatin'ny fikirakirana sy fandinihana ireo atontan-taratasy fangatahana fahazoan-dalana hanondrana jirofo, na fanavaozana izany ny Minisiteran' ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana, ka mitsahatra vonjimaika, araka izany, ny fanondranana jirofo. Afaka manondrana avy hatrany ireo nahazo ny "agrément", na fahazoandalana raha vao mivoaka ny lisitr'izy ireo.

**Aly**

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Tsy maintsy resena ny ratsy sy ny fahalovana

Nampiainina anaty fahalovana amin'ny endriny samihafa amin'ny sehatra maro samihafa ny firenena tao anaty taona maro izay. Nampiainina anaty tsy fandriampahalemana, ka zary mitaintaindava toy ny sahobakaka ambodiriana ny vahoaka andro aman'alina. Mirongatra izay tsy izy ny asan-jiolahy ary feno habibiana lasa lavitra dia lavitra no ataony amin'ny vahoaka. Sehon-javatra izay tsy fahita tao anaty taona maro lasa no mitranga ankehitriny indrindra tato anatin'ny folo taona farany. Efa tsy misy intsony ny fanomezan-danja ny aina amin'izao fotoana izao, fa alatsaka toy ny mandatsaka aim-biby ny olona, ary tsy misy intsony ny firaikana amin'ny rà latsaka ho an'ny sasany. Eny, hatramin'ny lazaina ho mpitandro filaminana, izay nambara mandrakariva fa hiaro ny vahoaka sy ny fananany aza, dia tsy miahotra amin'izany intsony. Iaraha-mahita tsara izany tato anatin'ny andro maromaro izao.


Inona intsony, na iza intsony izany no antenain'ny vahoaka malagasy manoloana izany rehetra loza mihàtra, fa tsy mitatao intsony, amin'ny firenena izany? Miha mahazo vahana ny faharatsiana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Dia ho sanatria ve ny ratsy no hanjakazaka eto, ka ho tahaka ireo firenena feno lo toy ny tany Amerika latina ireny. Misy amin'ireny aza no efa nisy fiovàna be izao ka miha lefy ny haratsiana any aminy, fa irosoany ny mankany amin'ny fivoarana tsara sy fandrosoana. Isika anefa ity toa zary mankany amin'ny nalehany fahiny sy miha milentika amin'ny fahapotehana. Tsy avela ho tonga amin'izany ity firenena nolovaina tamin'ny razana ity. Tsy maintsy atao izay handresena ny ratsy sy handravana ny fahalovana. Mitarika amin'ny lalana ivoahana amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana( AFK), ary manolotanana ny olom-pirenena vonona hijoro sy handray andraikitra amin'izany. Fifandraisana: 034 17 460 53.

**Aris**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 448**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0447)

***Mitsivalana***
- Mahasaky
- Fefy (miv)
- Janoary
- Ako (miv) – Anio (miv)
- Tataka
- RM – Nay
- Ovaina

***Mitsangana***
- Mijotso
- Afaka
- Henatra
- Afo – Amy
- (L)aok(a)
- Aoriana
- In
- Fy (miv) – Avia

### TENY MIFANAPAKA N° 448




**Mitsivalana**

**1.** Manambara – Reraka **2.** Taranaka, fiaviana fahiny (miv) – Aro orana (miv) **3.** Ao amin'ny filazantsara – Atsipazo lavitra **4.** Voavonjy **5.** Asianao, iangavianao mandeha **6.** Fifanarahana – Tanàna (miv) **7.** Aviavy – Tovona – Mampisafidy **8.** Anelanelan'ny fito – Tsotra **9.** Gaga sy talanjona **10.** Tsy tsaroana – Tsy takatra

**Mitsangana**

**A.** Manao fitaka **B.** Ampela (miv) – Sahala (miv) **D.** Fenoina loto – Isa Romana **E.** Zava-maniry tsy misy mpiahy – Tsirinteny Mpanao **F.** Minitra sy segondra – Betsaka **G.** Toerana – Fisalasalana **H.** Fiandohan'ny làlana – Naoty (miv) – Aro moka (miv) **I.** Fanasanareo (miv) **J.** Toeram-pandevenana (miv) **K.** Daholo


### Valiny Teny mifanaraka 0447

**Mitsivalana**

**1.** Mpanjaka **2.** Toa (miv) - Zotra **3.** Ntaolo - (L)aok(a) **4.** Divay - Vovo **5.** (B)ok(y) - Lova - An **6.** Sa - Akoho **7.** Amalona **8.** Tena - Voina (miv) **9.** Inona - Ka **10.** Avoaka - Lay

**Mitsangana**

**A** Mandositra **B.** Potika **D.** Vata (miv) - Anio **E.** Anamalao (miv) **F.** Lioka - OK **G.** Azo - Volana **H.** Ko - Vahona **I.** Atao - Ony **J.** Rova - aoka **K.** Takona - Vay


HETSIKA FOTSY @
SABOTSY 4 NOVAMBRA
ENY AMIN'NY
KIANJA 13 MAY
AKANJO FOTSY / SAINAM-PIRENENA / RANO / SATROKA...